**Depiote TIM** 3
**Nanamafy fa hanao fitsipaham-pitokisana ny governemanta**

**Ny Valosoa sy Fakafaka** 2
**Hidona amin'ny andrinjiro ny firenena**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 5 mey 2022 Laharana 1294 Vidiny : 400 Ar


**Faritra Menabe** 3
**Nanjavona ireo OJM tamin' ny fankalazana ny 3 mey**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**04 aprily 2020- 04 mey 2020, famonjana tsy mitombina** 2

# Ny marina momba ny raharaha mpanao gazety Arphine, nogadrain'ny fitondrana Rajoelina nandritra ny 1 volana








**Manam-pahaizana momba ny fambolena** 6
**Tofoka amin'ny fanaovan-dRajoelina sy ny forongony tsinontsinona azy**

**Ady amin'ny tsy fandriampahalemana** 6
**Maty voatifitra Ra-Mousta, mpanolana sady mpamono olona**

**Daka kely**



Japiana ve leity ny sipa mpanao baolina lavalava dia avy eo ho resy ndray ry Boaikely a !

04 APRILY 2020- 04 MEY 2020, FAMONJANA TSY MITOMBINA

# Ny marina momba ny raharaha mpanao gazety Arphine, nogadrain'ny fitondrana Rajoelina nandritra ny 1 volana

Rehefa nogadrain'ny fitondrana Rajoelina nandritra ny 1 volana ny mpanao gazety Arphine Rahelisoa, sady talen'ny famoahana ny gazety Ny Valosoa Vaovao ity, ny 4 aprily 2020 ka hatramin'ny 4 mey 2020 dia nivoaka ny fonja ny alatsinainy 4 mey 2020. Izany hoe mitsingerina omaly 4 mey 2022 ny faha-2 taona nivoahany ny fonjan'Antanimora rehefa nampidirin'ny ministra Lalatiana, ry Rinah Rakotomanga ary ny fitondrana Rajoelina am-ponja izy tamin'izany fotoana izany, nandritra ny nisian'ny hamehana ara-pahasalamana teto amintsika. Nanambara ny filoha Rajoelina ny alahady 3 mey 2020, nandritra ny fanamarihana ny andro eran-tanin'ny andro fanaovan-gazety, fa havoaka ny mpanao gazety nampidirina am-ponja, ka ny ampitson'iny dia navoaka an'Antanimora tokoa i Arphine ny alatsinainy 4 mey 2020. Izao anefa afak'omaly dia nilaza indray ny ministra Lalatiana, fa tsy nisy mpanao gazety nogadraina noho ny asany tamin'ity fitondrana Rajoelina ity, ny filoha Rajoelina mihitsy anefa tamin'izany no nilaza fa havoaka ny mpanao gazety.



Marihina fa zavatra tsy nataony no nampidirana am-ponja ny mpanao gazety Arphine Rahelisoa tamin'izany. Nandritra ny hamehana ara-pahasalamana ny taona 2020, tao aorian'ny 21 martsa 2020 nidiran'ny valanaretina coronavirus teto amintsika, tsy namoaka gazety amin'ny taratasy intsony ny gazety Ny Valosoa Vaovao, toy izany koa, tsy nisy ny famoahana tamin'ny tambazotran-tserasera facebook ny lohateny pejy voalohan'ny gazety tamin'izany sy io gazety ara-taratasy io fa nalefa amin'ny tambazontran-tserasera. Ny adiresy facebook ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia: gazety valosoa rakoto. Misy kosa anefa olona tia sy mpanara-dia ny gazety Ny Valosoa Vaovao any an-drafy, any Frantsa, namorona pejy facebook hafa ka ny adiresin'izany facebook izany dia: ny valosoa vaovao, io facebook tany an-dafy io tamin' izany fotoana izany no namoaka tamin'ny pejy facebook-ny fa:"Rajoelina mpamono olona, Rajoelina assassin, Rajoelina killer!". Ny antony namoahan'ireo olona any andafy ireo izany dia noho ny Filoha Rajoelina sy ny fitondrana tarihany tamin'izany fotoana izany, tsy nanaja ny fepetra amin'ny hamehana ara-pahasalamana tsy mahazo mamory olona marobe tamin'ny fizaran'izy ireo ireo fanampiana vatsy tsinjo, vary mora,… nefa nitangorona marobe ny olona, mety nanamora ny fiparitahan'ny valanaretina. Amin'ny maha-talen'ny famoahana ny gazety Ny Valosoa Vaovao an'i Arphine dia izy no nantsoin'ny ao amin'ny cybercriminalité, nefa tsy misy idirany mihitsy izay nataon'olona tany an-dafy tany. Voamarina tao amin' ny cybercriminalité rahateo izany, olona any an-dafy no mitana ny pejy facebook : ny valosoa vaovao ary pejy facebook eto an-toerana an'ny gazety Ny Valosoa Vaovao an-taratasy kosa ny: gazety valosoa rakoto, izay efa tsy namoaka pub, na namoaka zavatra tao amin'io pejy io intsony hatramin'ny 21 martsa 2020 nidiran'ny valanaretina coronavirus teto amintsika. Arak'izany nampidirina am-ponja tamin'ny zavatra tsy nataony akory i Arphine 2 taona lasa izay.

Noho izay tsingerin-taona mangidy teo amin'ny fiainany izay, nanambara izy omaly fa:" 2 taona androany 4 mey no nivoahako ny Fonjan'Antanimora, nisy nahazo tombontsoa tamin'izany ve ianareo nanagadra ahy izay mpanao gazety kely ity? Mafy ny nahazo nefa tsy atao mahakivy, fa zezika natao hampiroborobo ny fitiavana ny asa sy ny tanindrazana izany."

Marihina fa 10 taona ny gazety Ny Valosoa Vaovao an-taratasy tamin'ny taona 2020 io, sy ny pejy facebook-ny: gazety valosoa rakoto, tsy nisy olana mihitsy tamin'ny lahatsoratra na ny zavatra izay navoakany, nandalo ny fitondrana tetezamita, ny fitondrana Rajaonarimampianina ary herintaona ny fitondrana Rajoelina tamin'izay, tsy nisy mihitsy ny olana, fa ny zavatra navoakan'ireo olona tany an-dafy: tia sy mpanaraka ny gazety Ny Valosoa Vaovao, izay tsy nataon'i Arphine akory no nanagadrana azy. Tena tsy rariny satria zavatra tsy nataony no nampidiran'ny fitondrana Rajoelina azy am-ponja.

***Isambilo***

Kômity Olympika Malagasy (COM)

# Mitaky hanamboarana fotodrafitrasa ho an'ny taranja rehetra

Taorianan'ny AG na Fivoriambe 2022 nataony tamin'ny 01 mey 2022 teo dia nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety, teny amin'ny toerana fanaovana fampiofanana eny amin'ny tennis Ivandry, ny Kômity Olympika Malagasy (COM) notarihan'ny filohany Randrianasoloniaiko Siteny, ka nanambara ôfisialy ho fantatry ny fitondram-panjaka ankehitriny, fa tsy ny taranja baolina kitra ihany akory no hifaninanana amin'ny Lalaon'ny nosy 2023, fa misy taranja maromaro, ka mendrika ny hanamboarana fotodrafitrasam-panatanjahantena hanaovan'izy ireo fanazaranteny ihany koa ireto taranja hafa ireto ary tokony hosokafana daholo ihany koa ireo Dojo ao amba-nin'ny Gradin Mahamasina, izay nakatona tamin' ny fanamboarana an'ity kianja ity.




*Ny fivoriamben'ny COM tamin'ity herinandro*

Ho an'ny Kômity Olympika Malagasy dia tokony hiditra amin'ny fampivondronana hanomanana an' io lalaon'ny Nosy io avokoa ny athlteta Malagasy rehetra fara-fahatarany amin'ny volana jona 2022. Ankoatr'izany, nisongadina ihany koa fa "tsy alehany" ny politikan'ny fitondra Andry Rajoelina amin'ny fanamboarana foto-drafitrasa ho an'ny fanatanjahantena, hoy i Siteny Randrianasoloniaiko, Prezidà-ny COM ary tsy hahafahan'ny tanora malagasy miofana ara-potoana, kanefa isika handray ny Jeux des îles (JIOI) amin'io taona 2023 ho avy io. Notsindrian'i SITENY manokana ihany koa ny tsy fisian'ny mangaraharaha, tamin'ireny fanamboarana stades, na kianja lazaina fa manara-penitra manerana an'i Madagasikara ireny. Nokianiny koa ny tsy fisian'ny ady hevitra eo amin'ny sehatry ny Firenena, ny amin'ny ho avin'ny Fanatanjahantena eto amintsika. Na ny filoha, na ministra tompon' andraikitra Tinoka Roberto dia samy tsy ao, amin'ity resaka fanatanjahantena eto amintsika ity, mahatonga ny fitrangan'ny olana toy izao.

***Rainilita***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Hidona amin'ny andrinjiro ny firenena

Sarotra sy mampanahy mafy ny lalan-koavin'ny firenena, raha araka ny dinika nifanaovan'ireo solontena samihafa momba ny lohahevitra ny amin'ny mpiasa, ny fanondrotan-karama, ny fiakaran'ny vidin-tsolika, ary ny fidangan'ny vidim-piainana. Nambara fa raha mbola toy izay hatrany no ho fiasan'ny fitondrana, fa tsy hanova politikam-pitantanana, dia hidona amin'ny andrinjiro ny firenena. Asa firy amin'ny olona eo amin'ny fitondrana no mba nihaino ireny adihevitra tamin'ny fahitalavitra ireny ny alahady hariva lasa teo? Sy iza no mba nandray na ahoana no nandraisany ny hevitra na tolokevitra avy amin'izy ireo?

Misy loza mitatao ny firenena ankehitriny ary tsy hiandry fotoana ela izany raha ny zava-misy na hisy no sainina. Mazava loatra, fa ny voalohany amin'izany ny momba ny fiainam-bahoaka, izay rotehin'ny fidangan'ny vidim-piainana isan'andro. Tsy maintsy mbola hiakatra anefa izany tsy ho ela ary hamotika ny fiainam-bahoaka ho mafy kokoa noho izao efa misy izao. Miharihary fa niteniteny foana i Andry Rajoelina tamin'ny fampielezan-kevitra nataony tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika ireny, raha nampanantena vidin-javatra mora amin'ireo entana fanjifan'ny vahoaka andavanandro. Ny itoviankevitry ny maro, dia ny tarehimarika notanisaina amin'ny fanondrotan-karama natolotry ny filohan'ny Repoblika, dia tsy hahavaha ny olam-bahoaka velively, indrindra ny mpiasa amin'ny orinasa tsy miankina, sy ireo maro an'isa tsy anaty orinasa mihitsy, fa mamelon-tena izay tsy voakasik'izany. Efa latsaka lalina loatra ilay olana, dia ny elanelana be misy eo amin'ny fidangan'ny vidim-piainana sy ny fiakaran'ny karama na ny fivelomana, ary toy izay koa ilay fahantram-bahoaka.

Ny fitondrana anefa hita ho tsy hahavaha olana mihitsy manoloana izany. Efa nambara hatramin'ny ela teto amin'ny gazety, fa ny ataon'ny fitondrana Rajoelina dia toy ny mpitsabo manome fanafody parasetamôla ny marary voan'ny homamiadana. Tsy ho lasa lavitra araka izany ny fitsaboana ary tsy hahasitrana ny marary velively. Ny hany fanantenan'ny vahoaka sisa, dia efa nilaza ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), fa manana ny vahaolana amin'izany hanarenana izao manjo ny vahoaka izy, raha araka ny nambaran'ny filoha Nasiônaliny, Ravalomanana Marc, tany amin'ny faritr'Alaotra tamin'ny faran'ny herinandro teo, nanambara koa izy fa tena vonona fa tsy vonombonona hanompo ny vahoaka sy ny firenena, tena vonona hanavotra ny firenena.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fitahiana R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Bevava fotsiny nefa tsy mahavaha olambahoaka

Tsy mbola nisy vahoaka malagasy fadiranovana toy izao hatramin'izay nisian'ny firenena malagasy. Olom-bitsy mpanefoefo malagasy sy teratany vahiny no mitavana ny harena eto, sy migalabona amin'ny fiadanam-be, fa ny sarambabem-bahoaka maro an'isa miaina lalina ny fahantrana. Izany manjo azy izany indray koa dia mbola miampy ny fanilihana mangina azy eo amin'ny tany onenany. Manomboka tsy ho tompon'ny taniny intsony ny Malagasy tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Hatramin'izay naha teo amin'ny toerany an'izao fitondrana izao tato anatin'ny efatra taona latsaka izao, dia tsy nitsahatra ary niseho lany ny fanilihana mponina amin'ny tany nonenany efa aman-taonany maro, misy aza efa ho aman-jatony mihitsy toy izay nitranga farany tany amin'ny faritra noresahan'ny haino amanjery andro vitsy lasa izay. Tsy maintsy misy hatrany mponina mitaraina saika isan-kerinandro, fa misy milaza ho tompon'ny tanin'izy ireo, ary dia manao antso avo hatrany amin'ny filohan'ny Repoblika izy ireny ny ankamaroany. Hatreto anefa tsy hita ho nihetsi-bolomaso amin'izany ity iantsampazana. Tsy mbola nahenoina na iray aza, fa namaha ny olan'izy ireny ity nanaovana antso sy nitarainana ity. Antso diso fiantefa ve? Sa voafitaka bevava tamin'ny fampielezankevitra sy fihetsika fony izy mbola tsy teo amin'ny fitondrana? Tsy ireo ihany aloha no sokajin'olona voafitaka fa maro.

Ny tsikaritra hatreto, tsy mbola nilamina ny olan'ireny mponina maro samihafa manerana ny Nosy ireny. Vahoaka tsy misy mpiahy. Tsy lavina ary iaraha-mahita, fa miseho ho mpiaro ery ireo vahoaka ireo ny solombavambahoaka misahana ny momba ny fananantany eo anivon'ny Antenimierampirenena. Manangam-bovona sy miaka-peo mafy mihitsy aza indraindray rehefa henjana ny raharaha amin'ny resaka adin-tany. Fa hatreto koa, tsy hita mazava izay nisongadina amin'ny fiarovana ireny vahoaka ireny. Anisan'izany, ohatra, ny olan-tany manjo ny mponina eny Antanandrano noho ny ataon'ny karana mpangoronkarena eto amin'ity firenena ity, kanefa hita ho tsy nahahovoka ary karazany niala maina ilay solombavambahoaka. Tsy voaarony ny vahoaka.

Mijaly amin'ny saika ny sehatra rehetra ny sarambabem-bahoaka amin'izao fotoana izao. Mifehy kibo mafy izy isan'andro miatrika ny fiainany, izay toy ny mandeha ihany ny fahitana azy kanefa rehefa dinihina lalina mifono olana matevina. Ezaky ny vahoaka malagasy manokana anefa izany, fa tsy misy asan'ny fitondrana. Ny fitondrana izay karazany mitazam-potsiny sisa, toy ireo polisy mpandrindra fifamoivoizana anaty fitohanana henjana ny zava-misy. Izany no fiainan'ny vahoaka malagasy ankehitriny izay tsy antenaina hisy fihatsaràny mandrapahatapitr'izao fe-potoana iasan'izao fitondrana izao.

**Sôh'son**

Depiote TIM

# Nanamafy fa hanao fitsipaham-pitokisana ny governemanta

Nanamafy ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), fa hanao fitsipaham-pitokisana na motion de censure ny governemanta. Efa voavolavola ny rijan-teny mahakasika izany amin'izao fotoana, hoy ireo depiote avy amin'ny antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana. Tao aorian'ny fanokafana ofisialy ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena ny talata lasa teo, no nanambaran'izy ireo an'izany. Efa miroso amin'ny fanangonantsonia koa ireto olomboafidy mpanohitra ireto ankehitriny. Antsasa-manilan'ireo depiote no manao sonia ny rijan-teny dia azo alefa ho fidiana ao anivon'ny Antenimierampirenena ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta, izany hoe depiote misa 76. Raha ny 2/3-n'ity andrimpanjakana ity indray avy eo no mandany ilay fitsipaham-pitokisana dia tafita eny Tsimbazaza ny ho fanalana ny governemanta. Mankeny amin'ny Antenimierandoholona avy eo, raha mifanohitra amin'ny hitranga eny Tsimbazaza no mitranga eny Anosikely dia miverina any Tsimbazaza indray, ary ny ao ny tompon'ny teny farany. Na ho tafita, na tsy ho tafitra aloha ity volavolana fitsipaham-pitokisana ity, efa mihozongozona ny governemanta, sy ny fitondrana Rajoelina mihitsy. Momba ity ketrika ataon'ny depiote TIM ity, nanambara ny depiote Todisoa Andriamampandry, solombavambahoaka TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, fa azo sokajiana ho fahavalom-pirenena ireo depiote tsy handany izany fitsipaham-pitokisana izany, satria efa tena sahirana, sy tena farahidiny mihitsy amin'izao fotoana ny vahoaka.

**Stefa**

Faritra Menabe

# Nanjavona ireo OJM tamin'ny fankalazana ny 3 mey

Isan'ny nankalaza ny 3 mey, andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety ny mpanao gazety tao amin' ny faritra Menabe, izay nokarakarain'ny fikambananan' ny Collectifs des Journalistes ary notronin'ireo solontenam-panjakana, izay notarihan'ny Préfet an'i Morondava Rafidison Fidèle, sy ireo mpiara-miombon'antoka rehetra, ka toy izao ny fizotry ny fankalazana : ny maraina dia hazakazaka nanodidina ny tanànan'i Morondava, niarahan'ireo mpanao gazety tamin'ireo sampandraharaham-panjakana sy ny OMC, nanomboka tamin'ny 6 ora maraina izany, niainga avy teo amin'ny tranoben'ny Tanora ary nitohy tamin' ny dihy mirindra zumba, teo amin'ny tokontanin'ny Trésor, nisy taorian'izay ny fiaraha-niala hetaheta. Tamin'ny 10 ora kosa dia nitsidika ny orin'asa SOMPEMO ny mpanao gazety, ka hita tamin'izany fa na dia efa mihodina aza ity orin'asa ity dia mbola iray ampahatelon'ny tanjaky ny orin'asa ihany no mihetsika, ka angatahan' ny mpitantana ny orin'asa SOMPEMO ny fanafainganana ny fanomezana azy ireo ny fahazoan-dalàna hanjono. Tapaka iha-ny koa fa hapetraka ny fiaraha-miasan'ity orin'asa ity sy ny mpanao gazety amin'ny fanohanany ny mpanao gazety. Ny atoan- dro kosa dia fiarahanisakafo tao amin'ny Mi Hôtel ary ny latabatra boribory izay niarahana tamin'ireo Ray amandreny ato amin' ny faritra Menabe sy ireo mpiara-miombon' antoka, no namaranana ny fotoana izay ny masoandro maty no nampalahelo, satria dia efa tamin'ny 7 ora sy sasany hariva vao vita. Nandritr'izay ihany koa no nampahafantaran'ny filoha lefitry ny FAJM, fa tafajoro arapanjakana ny Fédération des Associations de Journaliste de Madagascar na FAJM, mbola hisy hoy izy ny fampahafantarana amin' ny fomba ofisialy, ka efa nanentana ireo journalistes namana sahady izy hiditra mpikambana ao amin'ny FAJM.

Noho ny Association des Collectifs des Journalistes moa no nampisy izao hetsika izao, fa tsy hita sady tsy tazana koa ireo filoha lefitry ny OJM, izay voafidy tato Menabe na dia teto antoerana aza tamin'io andro io, ka samy nametra-panontaniana ny rehetra, eny fa na dia ny Préfet an'i Morondava ary dia nanindry mihintsy tamin'ny kabariny hoe misy ve ny solidarité eo amin' ny mpanao gazety ? Aiza ireo OJM na holafitry ny mpanao gazety? nilaza mazava ireo mpanao gazety fa misy sasany manambony tena, ka tsy mitambatra amin'ny maro mihintsy ary manao ny hafa ho fitaovana, anisan'izany ny filoha lefitry ny OJM ato Menabe satria ireo mpanao gazety mpiara-miasa aminy no ataony fitaovana manao sur terrain fotsiny, fa izy miandry vokatra ary tadiaviny hatao fitaovana toy ireo mpanao gazety miara-miasa aminy ny mpanao gazety ato Menabe, koa ahiana ny fahapotehan'ity asa masina ity raha tsy miova famindra ny filoha lefitry ny OJM ato Menabe. Miantso an-dramatoa filohan'ny OJM handray ny andraikiny manoloana izao fihetsika fanaovana tsinontsinona ny 3 mey izao ny mpanao gazety ato Menabe, satria andro lehibe ho an'ny mpanao gazety ny 3 mey, nefa dia ireo tokony hitarika sy hiady amin'ny fametrahana ny hasin'ny asa fanaovan-gazety indray, no manao tsinontsinona ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety, ka na dia fiarahabana ireo mpanao gazety izay nifidy azy sy tarihany amin'ny maha filoha lefitry ny OJM azy aza tsy nisy.

**Rajepa**

ANTSOJAY AMIN'I CLEMENCE

# Mihemotra amin'ny 24 mey ny fitsarana

Antsojay atao amin'ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, avy amin'ny IRK, Clemence Raharinirina, mihemotra amin'ny 24 mey ho avy izao indray ny fotoam-pitsarana. Fitsarana ny raharaha nisamborana azy teny Ankorondrano, avy eo notazonina teny Fiadanana, ary ny hariva dia navotsotra izy tamin'izay fotoana izay. Ny talata teo indray ity mpanolotsaina ny tanàna ity no niakatra fitsarana tetsy Anosy, voatery nahemotra indray izany fotoam-pitsarana izany, satria tsy tonga ny mpitory. Manoloana izany, nisy ny fanambarana nataon'i Clemence Raharinirina:" Isaorana mitafotafo foana ny mpanotrona, isan'izany ireo solontena avy amin'ny Fikambanana marobe. Isaorana koa ny depiote TIM, ny vehivavy TIM ary ny mpanolotsaina TIM, isan'izany ireo miara-toriana amiko amin'ny 09 mey, noho ny ambara fa fanalam-baraka amin'ny TV sy FB. Izay vao avy notovanana hoe fanompana variraraka hono. Tsy adinoko ny misaotra ireo mpisolo Vava. DIA MANARARAOTRA MIARAHABA IREO NAMANA MPANAO GAZETY KOA AMIN'IZAO ANDRO NATOKANA HO AN'NY FAHALALAHAN'NY ASA FANAOVAN-GAZETY IZAO. HO TANTERAKA TOKOA ANIE IZANY FAHALALAHANA IZANY." hoy Clemence.

**Stefa**



*Clemence Raharinirina (ankavia) teny amin'ny fitsarana Anosy ny talata teo.*

## TONONKALO

### HO FAMPAHEREZANA IREO MPANOLOTSAINA TRATRY NY ANTSOJAY

Mitohy hatrany ny antsojay sy fanamparam-pahefana,
Izay ataon`ireo mpitondra sy mpitantana tanàna,
Saingy ny asany maloto , hidofotra amin`ny rindrimbe,
Ka mahereza re ry ekipa miaraka amin-dRaCle.

Ireo ilay efa lany lainga , tsy mahita izay hatao,
Ka dia ny hitany hiadiana , vehivavy toa anao.
Tsy mahataitra antsika izany fa ny teninay dia hoe:
Na mbola injato ianao no antsoina , mahereza RaCle.

Mpitondra tsisy kalitao ireo miedinedina eo ireo.
Tofoka azy ny vahoaka , tena boboka sy leo.
Ny fanovana izao no ilaina , tsy izy intsony i Vazahabe.
Ianao no hitarika an`izany , mahereza RaCle.

Ny eto Iarivo aloha no hita sy mazava be ny sary,
Saingy n`aiza n`aiza aleha , tsy misy zavatra manjary.
Koa mitaona ihany koa sy mba manentana an`ise:
Tohano ireo mpanolotsaina miaraka amin-dRaCle !

**TSIMIMALO (03-05-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo Clemence Raharinirina, niakatra teny amin'ny fitsarana indray ny talata teo.**









**Fizarana loka Grand Prix Malina, ho an'ny mpanao gazety mpanao fanadihadiana lalina, tamin'ny fifaninanana nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagascar, nandritra ny fankalazana ny andro eran-tanin'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety ny 3 mey teo.**









## NY TENY FIAINANA

*"Ary hihinana hianareo ka ho voky, dia hidera ny anaran'i Jehovah Andriamanitrareo, fa mahagaga ny fitôndrany anareo; ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko."*
***Joela 2:26***

RUGBY À 7 VEHIVAVY

# Tafaverina an-tanindrazana ny "Ladies Makis 7s

Tafaverina an-tanindrazana ny alin'ny talata faha- 03 mey 2022, ireo mpilalao baolina lavalava vehivavy "Ladies Makis 7s", izay nitondra avo ny voninahi-pirenena nandritra ny fifaninanana "Africa Women's Seven 2022" natao tany Tunisie, ny 29 sy 30 aprily lasa teo, ka nahazoan'i Madagasikara ny tapakila hahafahana miatrika ny fiadiana ny amboara eran-tany eo amin' ny rugby vehivavy lalaovin'olona 7, izay hatao any Afrika atsimo ny faha-9 ka hatramin'ny faha-11 ny volana septambra 2022 ho avy izao.
Tonga nitsena azy ireo ny tompon'andraikitra isantsokajiny avy amin'ny fitondram-panjakana, sy ireo mpitia baolina lavalava maro ary koa olontsotra nankafy ny zavabitan'izy ireo.


Ny "Ladies Makis 7s" tonga teny Ivato.

Lanonana maro no voafaritra notontosaina hatramin'ny omaly alarobia 04 mey 2022, ho fanomezam-boninahitra an'ireto mahery fon'ny Malagasy ireto, anisan'izany ny niseho teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, sy ny niakaran'izy ireo ny lapam-panjakan'Iavoloha.
**Rainilita**

Basket N1A lehilahy

# Ho tontosaina ny 14– 22 mey 2022 ny lalaon'ny vondrona Atsinanana


Ho tanterahina any Toamasina faritra Atsinanana hanomboka ny 14 ka hatramin' ny 22 mey 2022 izao, ny dingana savaranonando amin'ny fifanintsanana amin'ny fifanina- nam-pirenena Basket-ball, ho an' ny sokajy N1A Lehilahy Vondrona Atsinanana.
Miisa 6 ireo ekipa handray anjara ao anatin'ity "Vondrona Atsinanana" ity, izay hatao ao amin'ny Kianja mitafon' i Soavita sy Crjs Toamasina dia ao ny : ASCUT Atsinanana - COSPN Analamanga - COSFA Analamanga - AS FANALAMANGA Alaotra Mangoro - COSPN 2 Atsinanana - ABBS Sava.


Basket N1A.

Miara-dalana amin'ireo daty sy Kianja ireo ihany koa ny dingana voalohany ny fifaninanam-pirenena Basket-ball ho an'ny sokajy N1A Vehivavy, izay hahitana ekipa miisa 12, mizara ho vondrona A sy B toy izao :
Vondrona A:
MB2ALL Analamanga - ANKARATRA Vakinankaratra - JEA Vakinankaratra - ASCUT Atsinanana - ASSM Analamanga - BTBBA Diana.
Vondrona B:
SBBC Boeny - COSPN 2 Atsinanana - SERASERA Vakinankaratra - TAMIFA Amoron'Imania - TGBC Betsiboka - ASA Analamanga.
Ny Ligim-paritra ATSINANANA no mampiantrano ity lalao fifaninanana karakarain'ny Federasiona Malagasy Basketball- FMBB ity.
**Rainilita**

1/2-dalana mandroson'ny Playoffs OPL 2021/2022

# Ho tontosaina any Ambohidratrimo sy Ampasambazaha



Playoffs 1/2-famaranana mandroso OPL 2021/2022.

Ny kianja syntetika eny Ambohidratrimo eto Antananarivo sy ny «Stade Moderne d'Ampasambazaha » any Fifanarantsoa, no handray an'ireo lalao ankatoky ny famaranana mandroson'ny fifaninanana "Playoffs Orange Pro League 2021/2022 " amin'ny sabotsy sy alahady ho avy izao.
Fandaharan-dalao amin' izany :
Sabotsy 07 mey 2022 eny Ambohidratrimo:
2ora30 : Ajesaia Bongolava # Disicples Fc Vakinankaratra.
Alahady 08 mey 2022 any Fianarantsoa:
2ora30 : A.Dato Fc Atsimo Atsinanana # Cffa Analamanga.
**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Patsabe na crevette amin'ny kôkô**, na voanio indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rano handrahoina sy saosy amin'ny patsabe ny ranona voanio, sy voanio nokikisana. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny kotomila



Ny soa azo avy amin'ny kotomila indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny zava-maniry tena fampiasa andavanandro ao an-dakozia ny kotomila, sady manitra ny sakafo hasiana azy.
Ireo zavatra hita ao aminy:
- Vitamine A, C, E, K.
- Fer na vy.
- Potassium.
Ireo zava-tsoa azo avy aminy :
- Manala ny rarin-tsaina na anti- stress.
- Mampihena ny tahotra, ahiahy, mampilamina ny saina.
- Mampidina tahan'ny siramamy.
- Tsara ho an'ny fo.
- Miaro amin'ny fanaintainana rehefa mivalan-drano na mamany.
- Tsara ho an'ny olona maloiloy sy mandoa lava, mampijanona izany.
- Manala poizina avy amin'ny sakafo hanina.
- Mandrindra tsara ny fadim-bolan'ny vehivavy, tsara ho an'ny olona manao trouble hormonal.
- Mety ho an'ny olona manao syndrome Alzheimer, sy aretina Parkinson.
- Miaro amin'ny cancer na homamiadan'ny tsinay ( colon ).
- Manala éruption cutanée, na mangidihidy hoditra.
- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Mampihena vatana, fanaovana régime alimentaire.
Afaka atao jus, na dite, na atao amin'ny salade, na lasopy izy. Mety daholo izany, na laron-tsakafo manamanitra azy fotsiny izao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambandrika any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Manomboka eto dia ireo tanàna avy amin'ny distrika 5 mandrafitra ny faritra Alaotra Mangoro dia Ambatondrazaka, Andilamena, Amparafaravola, Anosibe An'Ala ary Moramanga indray, no hampahafantarina antsika. Hanombohana an'izany ny any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka.
Ny tanànan'Ambandrika dia renivohitry ny kaominina Ambandrika, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Lalovan'ny lalampirenena faha-44 ity tanàna ity. Efa azo lazaina ho avo toerana izy satria 768 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isankarazany toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Ambandrika.






MANAM-PAHAIZANA MOMBA NY FAMBOLENA

# Tofoka amin'ny fanaovan-dRajoelina sy ny forongony tsinontsinona azy

Maro ireo manampahaizana eto amintsika no leo sy tofoka amin'izao fitondran-dRajoelina izao, noho ny tsy fahaizana, ny ankamaroan'ireo manampahaizana ireo anefa ankehitriny dia mangina tsy sahy miteny, tsy toy izany kosa i Adèle Rahelimihajandralambo (Adl Rahamin'ny faceboo), milaza ny heviny momba ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny fambolena izy, indrindra ny momba ny fambolem-bary:

"Hanafatra ingenieurs agronomes avy any amerika hoe e? hanafatra mpampianatra vahiny hoe e! zaraiko ity fa tena resaka manome fo! ary mitory fa raha mbola izao no mitohy dia tsy handroso mandrakizay marina isika na amin'ny 600 taona manaraka aza!

**1)** aza fady Andriamatoa filoha... tena mampalahelo ny fitondranao ny firenena fa ity indray mitoraka ity dia tena feno ny adalana... ary feno fanambaniana sy fanilihana ary tsy firaharahiana mihitsy ny rafitra misy eto Madagascar ary mitory indrindra indrindra ny tsy fahaizanao sy ny mpiara-miasa aminao izany! ary ankoatry ny seho ivelany dia hitondra lonilony lalimpaka ho anay ingenieurs agronomes, izao fanapahankevitrareo izao!

**2)** matoa ianao Ingahy Rajoelina nilaza fa 2 taona vao vokatra ny vary dia tena tsy mahay ianao ary tsy mahay na ny fototry ny fiainan'ny malagasy aza!... tsy misy manerantany izany hoe vary vokatra 2 taona izany...ny misy dia afaka mamokatra vary indroa isantaona ny malagasy raha tsara rano ary afaka mamokatra intelo akory aza raha toa tena voafey io rano io! tsy miara-miasa amin'ny manampahaizana eto Madagascar koa ianao! raha niara-niasa tamin'ny ingenieurs agronomes malagasy marina ianao, fa tsy izay mivoaka any ivelany dia nobitsihana ianao hoe: tsy misy izany Andriamatoa Filoha... fa satria ianao mihevi-tena fa tena fatratra ary tena mahay dia ny teny naloaky ny vavanao ihany no miampanga ny tsy fahaizanao! raha ny tokony ho izy dia na nanala tena ny ministry ny fambolena izay teo anilanao tamin'io fotoana io... na rehefa nanaovan-dRamatoa Eliana Bezaza fanamarihana ampahibemaso ianao dia nalanao io ministrao io! izany rehetra izany dia mitory aminay fa tsy hanao ny tokony ho izy raha ianao ary tsy hainao ihany koa ny mampiasa ny manampahaizana malagasy!


*Adèle Rahelimihajandralambo, injeniera momba ny fambolena.*

**3)** raha isan'ny velirano-nao ny hoe "fahavitana tena ara-tsakafo" dia nanao antso avo izahay tany amin'ny ministeran'ny fambolena tamin'ny taona 2019, izany hoe telo taona lasa izay ny hoe: "hatsaharo ary fohano toa ny manambady anabavy re tompoko ity fanafarana vary sy ny sakafo fototra be vata ity e... tsy mahasoa ary mamotika ny fihariankaren'ny malagasy 80% ianareo! Mbola nohamafisinao fa tsy hiandry izay vokatra ny malagasy ianao... tsarovy isaky ny manafatra vary na dia iray kilao aza ny fitondrana dia manome vola ny vahiny any ivelany tsy toko tsy forohana ary manilika ny vola tokony hiditra amin' ny mpamboly malagasy, izay 80% ny mponina! ankoatra izany dia hodianao/hodianareo tsy fantatra sa tena tsy fantatrao/ tsy fantatrareo ve, fa mampitanila ary tena mampitanila be ny fifandanjana ara-barotra izany "fanafarana mihoapampana - importation à outrance" izany? ary mamoaka vola vahiny "devises fortes" be izany, anefa ny tsy efanareo ihany koa ny miaro an'ireo tsenan'ny voly fanondrana... ohatra tsy lavitra: fa faran'izay ambany indrindra anie ny vidin'ny lavanio tamin'izao fitondranao/ fitondranareo izao e! ka anareo no mandinika ohatrinona no vola vahiny nampidirin'ny vanille teo aloha ary amin' izao fitondrana izao! anareo koa no mila misaina fa raha ny vola nentinareo nanaovana io "importation à outrance" na sakafo fototra io no nampitaovana ny mpamboly dia manao ahoana?

**4)** nanolo-kevitra tamin'izany izahay - hatsaharo re tompoko ity vary mora sy menaka mora sy sakafo mora mora fahatany ataonareo ity! fa aoka kosa re apetrakareo ny hoe "motoculteurs mora be sy be dia be, repliqueuses motorisees mora be sy be dia be, systemes d'irrigation de precision mora be sy be dia be, infrastructures post recoltes mora be sy be dia be, electrification rurale mora sy be dia be… Tsy misy amin'ny projets sy ny programmes misahana ny fambolena sy ny ntotolo iainana, no manome fitaovana tena ahafahan'ny tantsaha mamokatra ary mampitombo ny vokany! ialako tsiny - tsy vitan'ny zesta ny madama "talons aiguilles" manodidina anao izany fa mila olona miasa eny akaikin' ny tantsaha! be dia be ny ingenieurs agronomes nivoaka teto Madagascar afaka manome hevitra amin'izany - asa mila mihaona na manaraka ny ataon'ingahy Juslain Raharinaivo angamba ianao? mila mampiantso ireo ingenieurs agronomes malagasy miasa tena ary miady irery tsy misy fanampian'ny fanjakana angamba ianao sy ny tandapanao?

**5)** nozarainay amin'ny maha ingenieur agronome nianatra sy niasa teto Madagascar, fa tokony vakianareo mpanao politika izay manafatra vary mihoa-pampana "importation à outrance" ireo ny voka-pikarahoana navoakan'ingahy Louis Bockel ny taona 2002 - izany hoe 20 taona laza izay - manolo-kevitra ho an'ny bailleurs de fonds sy ny mpitondra, fa raha io famokarana vary io no tohanana araka ny tokony ho izy dia hivoatra haingana be sy miabo be i Madagascar... noho ny hamaroan'ireo olona mamboly sy mamokatra vary ary ny habetsaky ny varotra sy ny mpandray anjara ara-toekarena amin'io resaka fikirakirana sy fivarotana vary io…

**6)** koa ankehitrio raha milaza ianao fa hanafatra vahiny hampianatra eto Madagascar dia hoy aho hoe: aza fady Andriamatoa, zarao aminay kely hoe tompoko ny vinanao sy ny tianao aleha aza fady indrindra..
Raha toa ka tsizarizary ny fandraisana sy ny fandoavan'ny fanjakana ny Dr ingenieurs agronomes nianatra sy niasa teto antoerana manana ny "expertises locales" ny hiditra hampianatra amin'ireny universites natsangana isamparitra ireny… tena lavina ankitsi-rano re tompoko ny hanafaranao manampahaizana vahiny izay manana ny fahaizany ny traikefana tokoa tsy iadiankevitra, fa tsy mahay ary tsy mahalala ny zava-misy eto an-toerana noho izahay ingenieurs nivoaka teto izany olona izany, na ho inona na ho inona no ho lazainao sy ny tandapanao!

**7)** ialako tsiny ialako fondro aminao sy ny tandapanao, fa matoa ny zavatra rehetra mikoroso sy tsy misy mandroso dia noho ianareo tsy mahay, manambany ny malagasy, ary mihevitra foana fa rehefa avy any ivelany dia tena lafatra "complexe des colonises ny anareo!"… ialana tsiny indrindra… biby tsy misy lohany tsy mandeha … rehefa tsy hainao sy ny tandapanao ny filana fototra ny firenena dia aoka! aoka tsy hampiditra indray koa zavatra hanafintohana sy hampisy lonilony!
Avy aiza moa ny vola ho enti-manana amin'izay hevitra taingana ataonao sy ny tandapanao izany? aoka hazava - tsy efan'ny fanjakana ny manafaingana izany ho 500 postes budgetaires hanaovana ny recrutement an'ireo enseignants-vacataires amin'ireo fampianarana ambony momba ny fambolena sy fiompiana ary ny jono sy ny ala ireo…

**8)** raha ny karaman'ireo enseignants vacataires 2 000 000 ariary = us$ 560 isambolana aza tsy voalonao sy ny tandapanao dia ahoana no hanekena, fa handoavan'ny malagasy karamana Pr amerikana izay ny farany ambany us$ 6 000 isambolana = 23 700 000 ariary isambolana… karamana enseignants vacataires 10 izany… izay karama tsy voaloanareo akory!
Inona no takiana aminao:
**a)** ataovy mazava ary hafaingano ny recrutement an'ireo enseignements vacataires hampifilafilainao sy ny ministera ny enseignement superieur ary ny ministeran'ny budget ireo!
**b)** ekenay, tena mila fampivoarana sy famahoana be ny fampianarana ambony eto Madagascar… tsy tamin'ny andronareo izao ihany koa no mahatsapa izany… fa takiana, avoahay ary ny politika ho entinareo hampivoatra io fampianarana ambony sy fikarohana io? ary hasio budget mazava!
**c)** ekana mila fiaraha-miasa amin'ny fampianarana ambony avy any ivelany i Madagascar - tsy izao koa izany vao nipetraka! tsy mandeha fotsiny izany fa mila vina mazava ary mipetraka ihany koa ny fiarovana ny mpampianatra sy ny mpianatra mpikaroka ary ny mpikaroka amin'ireo harentsaina vokatra eto Madagascar… lazao mazava inona no politika ho entinareo amin'izany?
**d)** maro ireo vahiny no nandalo sy niasa teto… aoka hazava fa mandrato fahaizana ary maka laza no maro tamin' ireny, fa tsy nampitombo firy ny fahalalana fototra na ny momba ny fampianarana ambony teto Madagascar! satria hevitra taingana toa izao foana no ataon'ny mpanao politika!…
**e)** hampahalalao anay mazava ary aloha ny vina sy politika izay hahafahana mametraka ny fampianarana ambony ho fanoitry ny fampandrosoana, vao misehoseho ianao sy ny tandapanao hanafatra mpampianatra vahiny, sady hanambany ny malagasy anefa hitsetsitra fotsiny ny haren-tsaina sy ny ron-dohan'ny tanora sy ny "systemes universitaires" eto Madagascar…
Fehiny, efa mihantsy aho io, fa tsy ho rebirebena eto foana.

***Nangonin'i Niaina***

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

# Maty voatifitra Ra-Mousta, mpanolana sady mpamono olona

Maty voatifitry ny polisim-pirenena ny jiolahy raindahy, antsoina hoe: Ra-Mousta, mpangalatra, sady mpanolana no mpamono olona. Ny avy amin' ny SAG no nahasarona ny tetidratsiny ka nahatifirana azy izao. Ny taona 2020 "Ra-Mousta", no nahavita nanolana sy namono vehivavy iray nitondra vohoka ary efa voasambotry ny Polisy, ka nigadra tany Tsiafahy Antananarivo Atsimondrano. Tafavoaka tany am-ponja indray izy ary nanohy ny asa ratsiny, mbola nangalatra sy nahafaty olona indray ny volana aprily lasa teo. Nifanehatra tamin'ny Polisy tetsy Anosibe ity olon-dratsy ity ary voatifitry ny SAG, ka tsy tana intsony ny ainy ary izao nitarika ny fahafatesany izao. Fifanampiana tamin'ny polisy sy olona tsara sitrapo nanome vaovao no nahitana an-dRa-Mousta izao.



*Ra-Mousta, maty voatifitry ny polisy.*

***Niaina***

Faritra arovana Nosy Tanihely Nosy-Be

# Mpanjono tsy nahazo alalana voasambotra

Voasambotra ny mpanjono tsy nahazo alalana tany amin'ny faritra arovana Nosy Tanihely Nosy-Be faritra Diana. Tratra tamin'izany nypanjono concombre de mer na dingadingana miisa 704 sy langouste 11, avy tao amin'ny Nosy Tanihely. Nosy Tanihely National Park dia anisan'ny nosy be mpitsidika sy mahasarika vahiny ao Nosy Be, noho izy manana biby an-tanety sy an-dranomasina maro ary tora-pasika tsara sy madio, ka nahatafiditra azy ho anatin'ireo ala voajanahary sy fari-dranomasina arovana. Olona 07 tsy manana fahazoan-dàlana hanjono no tra-tehaka teny amin'ny faritry ny Nosy Tanihely ny alin' ny alatsinainy teo, niaraka tamin'ny dingandingana na concombre de mer miisa 704 sy langouste 11 isa. Tratra teny amin'izy ireo ihany koa ny fitaovana fampiasany. Sarotiny sy mampitandrina amin'ny tsy fanaran-dalàna sy famotehana ireo harem-pirenena, fa indrindra amin'ny faritra arovana toy itony ny mpitandro filaminana, hoy MAHAVIHASINA Daudet, Commandant de Compagnie Gendarmerie Nationale ao Nosy Be.
Na eo aza ny maha faritra arovana ny Nosy Tanihely National Park dia afaka mandray sy hijanonan'ireo mpanjono, na mpandeha tratran'ny andro ratsy, na sendra misy olana na atoandro na alina, saingy tsy azo atao ary voararan'ny lalàna ny manjono na maka ireo biby an-tanety sy an-dranomasina eny an-toerana fa mahavoasazy. Efa misy mpiambina natokana hanaramaso izany.

***Niaina***

Fanehoan-kevitra sms :
034 09 187 88 ;
032 11 505 44 ;
033 24 783 65

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrÈs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycÈe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ère ‡ droite aprÈs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1294-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SAHIRANA NY MPAMBOLY LAVANILA

## Tsy nipaka teny ifotony ny vidin'ny lavanila manta 75000 Ar/kg

Sahirana ny tantsaha mpamboly lavanila any amin'ny faritra Sava amin'izao fotoana, tsy nipaka teny ifotony ny vidin'ny lavanila manta 75000 Ar /kg, ireo mpandraharaha sy mpanangom-bokatrano no nahazo tombony, nanambaka ny tantsaha, hoy ny solontenan'ny fikambanan'ny tantsaha mpamboly avy any amin'ny faritr'i Sava sy Analanjirofo omaly, raha niresaka tamin'ny mpanao gazety. Ankasitrahan'izy ireo kosa ny famerenana ny hasin'ny mpamboly lavanila tanterahan'ny tompon' andraikitry ny varotra ankehitriny, amin'ny fahafahan'ny mpamboly handefa solontena, hiaro sy hitondra ny tenin'izy ireo amin'ny fivoriana isa-tsokajiny momba ny lavanila. Fantatra fa ho tanterahana any amin'ny fokontany ny fivorian'ny CNV, komity nasionalin'ny lavanila amin'ity taona ity. Raha ny vidin'ny lavanila masaka koa dia tsy tonga amin'ny vidiny nampanantenain'ny filoha Rajoelina hatramin'izao ny vidin'ity voly fanondrana ity.

***Aly***



*Lavanila manta, miainga eny amin'ny tantsaha.*

Kaoperativa KOFMAD

## Fiara hihazo an'Antananarivo nikatso tao Antsohihy nandritra ny ora maro



*Ny lalampirenena faha 6*


Fiara iray hihazo an'Antananarivo, no nikatso tao Antsohihy faritra Sofia, nandritr ny ora maro ny talata 03 mey lasa teo. Fiara iray niala tany Diego hihazo an'Antananarivo avy amin'ny Kaoperativa KOFMAD io nikatso tao amin'ny 33 km tsy hidirana an'Antsohihy nanomboka ny alahady 1 mey lasa teo ka hatramin'ny talata teo. Velon-taraina ireo mpandeha, fa tsy nisy ny fiara hafa nalefan'ny Kaoperativa ho azy ireo. Ireo nanana saran-dalana ihany no tafody ary nisakana fiara, ireo tsy nanana fahefana kosa dia niandry izay tian'ny mpamily natao sisa. "Ny fianakaviana efa sasa-miandry taty Antananarivo. Ny tena sady lany vola no lany fotoana, hoy ireo mpandeha, teo am-piandrasana vahaolana izay tsy fantatra hoe rahoviana tamin'izany. Tena tsy rariny ny tsy fanarahan-dalàna tahaka izao", hoy ireo mpandeha. "Tsy misy fizahana ny fiara akory alohan'ny handeha. Vaky ny kodiarana, tsy misy na ny hasolo azy akory aza. Ny saran-dalana anefa naloa feno. Tsy misy fanajana ny mpandeha mihitsy", hoy hatrany izy ireo. Tsy nisy ny vahaolana nomena ny mpandeha. Ny fiara tsy voakarakara tsy tokony hisa mihitsy, kanefa sady handeha lavitra. Mitaraina ireo mpandeha ary miantso vahaolana avy amin'ny tompon'andraikitra.

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 392**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0391)

***Mitsivalana***
- Silamo
- Ako – Ma (miv)
- Naharesy
- Diana – Do (miv)
- Inty – Osy
- Kar(y) – (T)ik(o)
- Angano
- Angano

***Mitsangana***
- Sendika
- Aina
- Lahatra
- Akany
- Mora – DG
- Nisosa (miv)
- Amidiko

### TENY MIFANAPAKA N° 392



**Mitsivalana**

**1.** Hanina mahavoky – Asa **2.** Solontena – Grama **3.** Lavaka tsy takatra – Toerana lavitra **4.** Tovana – Atsipy **5.** May tanteraka (BR) – Averina mitovy **6.** Fonenana – Tsofoka **7.** Mpanondro toerana – Nandeha **8.** Aotra – Zava-maneno **9.** Anelanelan'ny taona – Matoanteny (miv) **10.** Tsy marina (miv) – Atody

**Mitsangana**

**A.** Fandrehitra – Lera **B.** Milaza fotoana **D.** Fialam-boly – Vizana (BR) **E.** Mampiray, manambatra – Atody vokatra **F.** Fahazoana diplaoma **G.** Firinga (miv) – Ariary **H.** Tolonao **I.** Ovay toerana **J.** Mailaka (miv) – Atsahatra **K.** Mahantra – Ambony

### Valiny Teny mifanaraka 0391

**Mitsivalana**

**1.** Foza - Anosy (miv) **2.** Akanga **3.** Rononono - Haz(o) **4.** Eva - Ina - Ny **5.** Nihena - Man **6.** Ala - Aina **7.** Rambo **8.** Tily (miv) - Antsa (miv) **9.** Masiso (miv) **10.** Mpitsikilo

**Mitsangana**

**A** Fireneny **B.** Ovy - Lap(a) **D.** Zanahary **E.** Ako - Tale (miv) **F.** Manina (miv) - Os(y) **G.** Inona ? - Basy **H.** SG - Kisoa (miv) **I.** Hao (miv) - Mi - Tsy **J.** Lanonana (miv) **K.** Aizina - (M)amo


Vente
EXPOSITION
à Behoririka
A l'occasion de la
Fête des Mères
jeudi samedi
du 26 au 28 Mai
CONTACT: Tel. 034 79 076 00